TSANGAMBATON'NY FILOHA ZAFY ALBERT

# Manentsin-keloka ny fitondrana Rajoelina

Tamin'ny fotoana nitantanan'ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana an'Antananarivo, no nampitondrain'ny Kaomina Antananarivo Renivohitra ny anaran'ny Pr Zafy Albert, ny lalana miainga eo antampon'Alarobia, mandalo eo anoloan'ny Villa Elizabeth, mihodina miankavia ary midina dia mandalo eo amin'ny Villa La Franchise, fonenan'ny Pr Zafy. Efa nisy ny fikasan'ny Kaomina hametraka ny tsangambato ho an'ity Filoha ity teo Antaninarenina, saingy tsy raikitra fa nolavin'ny fitondrana ankehitriny, nambara tamin'izany fa toerana hafa no hametrahana ilay tsangambato, dia io iaraha-mahita io fa eny amin'ny Kianjan'Ambohijatovo izany no najoro ilay izy ary ho tokanana rahampitso Alarobia 14 Oktobra 2020, nahazo ny fankatoavan'ny maro an'isa tao amin'ny Filankevitry ny tanànan'Anatananarivo Renivohitra ny fitokanana io kianja io.

Ny Pr Zafy Albert dia fantatra amin'ny toetrany saropiaro amin'ny fihavanana malagasy sy ny fahamarinana, izay indrindra no nampisy ny olana taminy sy ny fitondrana tetezamita notarihan'ny filoha ankehitriny.

Samy nahatadidy ny mpanara-baovao rehetra ny fisian'ireo fihaonana nandraisan'ny Ankolafy efatra anjara tany amin'ireo Renivohitry ny firenena Afrikana maro, intelo miantoana ny tao Maputo Renivohitr'i Mozambika, tamin'ny fihaonana faharoa tao Maputo no nosoniavina ny "Charte de Maputo" sy ny " Accord politique ", nanao sonia ireo fifanarahana ireo ny filoha isany : Zafy, Ratsiraka, Ravalomanana, Rajoelina, tsy nety tafatsangana anefa ireo rafitra tetezamita, ka dia nampiantso fihaonana Maputo3 indray ny Filoha Chissano, namaly ny fanasana ireo Ankolafy Telo, tsy tonga ry Rajoelina sy ny ankolafiny, mbola tsy tanteraka ihany koa ny fananganana ireo rafitra tetezamita, tsy vitan'izany fa noraran'ny Filohan'ny Fat Rajoelina, tsy nahazo nody ireo delegasiona avy amin'ny Ankolafy telo, ny Filoha Ravalomanana no nandray andraikitra nampiantrano ireo delegasiona tany Pretoria, marihina fa anisan'ireo tsy navela hody an-tanindrazany ny Filoha Zafy Albert tamin'izany. Nisy indray ny fihaonanan'ireo ankolafy 4 tany Addis- Abeba Renivohitr'i Ethiopia, voatendry avokoa ireo lehiben'ny andrimpanjakanan'ny tetezamita.

Ny Pr Zafy Albert no neken'ny rehetra ho filohan'ny CRN na Filankevitrin'ny Fampihavanampirenena, kinanjo nony tonga taty Madagasikara, dia nivadiandRajoelina indray ny sonia nataony, ka dia rava izay rehetra tapaka tany Addis Abeba, tsy nankasitraka ny fitantanan'ny Pr Zafy ny CRN Ingahy Rajoelina, mbola tsy kivy ireo ankolafy 3 ary naneho ny fandeferany tanteraka satria nahatsapa ny fijalian'ny vahoaka Malagasy, niafara tamin'ny fanaovana sonia ny tondrozotra ny resaka, nametrahana ireo rafitra tetezamita, ny Filohan'ny Fa t no lasa Filohan'ny Tetezamita, olon-kafa no notendren'Ingahy Filoha ho filohan'ny Crn, fa tsy ny Pr Zafy Albert.

**Kianjan'ny demokrasia sa Parc Botanique**

Mikasika ny Kianjan'Ambohijatovo indray dia ny 17 Janoary 2009 no nanaovana azy ho "kianjan'ny demokrasia", ny filoha ankehitriny izay ben'ny tanàna teto Antananarivo Renivohitra tamin'izany no nanao ny fitokanana, nanambara izy tamin'izany, fa kianja natao hanehoan-kevitra tsy ilana fangatahana amin'ny Kaomina na ny prefektiora, fa misokatra midanadana ho an'izay te haneho hevitra. Ny 24 Janoary 2009 no niditra farany teo Ambohijatovo ry Rajoelina, satria taorian'io ny 26 Janoary 2009 dia efa teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey no nifamory, ka ny" Alatsinainy mainty" nisian'ny fandrobana ny vako-pirenena sy ny fananan'olontsotra no natomboka vao niditra tao amin'ny Kianjan'ny 13 Mey.

Ny Sabotsy 21 Martsa 2009, nametrahana an-dRajoelina tao Mahamasina no nanomboka ny hetsiky ny vahoaka teo Ambohijatovo, nitaky ny fiverenan'ny Filoha Ravalomanana, vahoaka tsotra tsy mbola nisy mpanao politika sy olomboafidy no nijoro voalohany sy nitarika teo, anisan'izany izahay mpanao gazety ato amin'ny Gazety Valosoa, ny alatsinainy 23 Martsa 2009 dia nafana ny hetsika, tonga namaly ny hetsi-bahoaka ireo mpanao politika sy olomboafidy, niditra mivantana ny Filoha Ravalomanana avy any ivelany tamin'ny antso an-tariby, tsy vitsy ireo latsa-dranomaso nandre ny feon'ny Filoha Ravalomanana, taty aoriana dia noraran'ny fitondrana Fat ny famoriambahoaka tao, ka lasa nandrasana mpitandro filaminana mirongo fiadiana ilay "kianjan'ny demokrasia", lasa kianja voarara.

Ny 17 Janoary 2012 dia tonga tao Ambohijatovo ny Pr Zafy Albert, nikasa hametraka fehezamboninkazo tao amin'ilay kianja, saingy voararan'ny tompon'andraikitra tao amin' ny Emmoreg, ny tenan'ny Jeneraly Ravalomanana Richard no nandrara azy, sy naka ireo fitaovam-piadiana tany an-tanan'ireo mpitandro filaminana izay mpiaro ara-dalàna ny Filoha Zafy Albert. Ny nataon'ny Filoha Zafy Albert mivady dia ny nametraka ilay fehezamboninkazo teo amin' vavahady andrefan'ny kianja, vita izay dia nirefotra ny baomba mandatsa-dranomaso, ka tratran'izany izy mivady ray amandreny mendri-kaja, tsy tamin'io ihany no nisehoan'izany, fa mbola tratran'ny lakrimozena koa teo Anosy taty aoriana ny Filoha Zafy Albert, raha nanatitra ny fitoriana mikasika ny raharaha andramena, izay marihana fa tsy azo raisina na "irrecevable" ny fitoriana hoy ny fitsarana ambaratonga voalohany tamin'izany.

Ho tokanana ny tsangambato ho fanomezamboninahitra ny Filoha Zafy Albert eny amin'ny Kianjan'Ambohijatovo rahampitso 14 Otobra 2020, ny mpitondra ankehitriny no mikarakara izany, izay fantatra fa nitsivalana hatrany ny nitantanan'ny Filoha Zafy ny fampihavanampirenena, ary tsy mankasitraka hatramin'izao ny fampiharana ny fampihavanampirenena tena izy, araka ny tolo-kevitry ny Filoha Zafy dia ny fanomezana lanja ny fahamarinana sy ny fihavanana na "verité et reconciliation", satria ity Ray amandreny ity dia tsy nankasitraka hatramin'izay ny fandrobana ary tsy sasatra nitaky ny fahamarinana mikasika ireo herisetra tamin'ny fanonganam-panjakana sy ny fitondrana tetezamita, ary amin'izao fotoana izao dia mbola mitohy hatrany ny fandrobana ny orinasa tantanan'ny teratany malagasy, izay fihetsika mifanohitra amin'ny fampihavanana nimatimatesan'ny Pr Zafy, tsy mbola misy resaka ny fanonerana ireo niharamboina sy rava fananana araka ny voalaza ao amin'ny tondrozotra. Ny fitondrana foibe no vato misakana amin'izany, ny azo ambara dia fihatsarambelatsihy fotsiny ihany ilay fananganana tsangambato, fa tsy misy ny faharesen-dahatra amin'ny foto-kevitra nijoroan'ny Filoha Zafy Albert, ary ambonin'izany dia manentsi-keloka ny mpandroba firenena sy mpamafy ny fifankahalana eto amin'ny firenena, ka ny anaran'ny Ray amandreny Zafy Albert no atao fitaovana fanadiovantena.

Tsetsatsetsa tsy aritra ety ampamaranana, mbola ho " kianjan'ny demokrasia " ve ny eny Ambohijatovo sa ho "Parc botanique" ?

***Ny Valosoa***

Fiainam-pirenena

# Toa "Voa ratsy" no afafy eto

Hoentina amin'ny zavatra tsy tomombana hatrany ve ity firenena ity ? Hatrany am-piandohan'izao fitondrana izao no misy tsy tomombana ny nahafahany tonga eo amin'ny seza. Notohizana izany nandritry ireo fifidianana taty aoriana. Avelavela ho azy amin'izao ve ireny raharaha rehetra ireny? Mbola miseho indray ny farany teo tamin'ny fivorian'ireo komity parlementera roa niaraka, izay nahabe resaka ny sonian'ny Praiminisitra tamin'ilay fehin-kevitra tsy ofisialy nambara tamin' izany. Hatreto dia tsy re ny vokatr'izany fa toa somary mangingina be ihany na dia loaran'ireo parlementera manakiana izany hatrany aza ny raharaha. Adihevitra be ny amin'ny isan'ireo loholona hofidina izay tsy hoe mifanaraka amin'inona marina. Torak'izany ihany koa ny amin'ny fahabangan'ny isan'ireo mpifidy lehibe, kanefa tsy vonona hihemotra velively, raha ny fahitana azy, ny fitondrana. N'inona n'inona fanazavana dia tsy tomombana izany. Izany hatrany ve no fomba hitondrana ity firenena ity? Hoentina amin'ny làlana tsy milamina tanteraka, tsy mizotra amin'ny antsakany sy an-davany.

Leson-dratsy omena ny taranaka aoriana izany. Efa natao ny fanomezandesona ratsy izany tamin'ny taona 2009, tamin'ireo fandrobana sy fandorana orinasa maro, ary fanenjehana ireo izay rehetra mpitarika mpiaro ny ara-dalàna, sy ny famoretana ireo vahoaka nanohana azy. Efa tsapa sahady ny vokatr'izany ankehitriny na dia tsy mbola lavitra aza. Ary mbola hitohy hisy akony ihany izany aoriana. Amin'izao fotoana izao, dia iaraha-mahita ny fihetsiky ny fitondrana izay mampitaraina ny maro indrindra ny mpandraharaha Malagasy izay tena misy lasibatra manokana sy atao fahirano na antsojay mihitsy. Ambara ho fampiharana lalàna no iafenana amin'izany, kanefa tena fanomezana môdely tsy mendrika mihitsy amin'izao vanim-potoana izao, izay iaraha-mahita sy miaina ny zava-misy. Politika hafahafa, toy ny manao adim-papango no fahitana ny toe-draharaha fitantanam-pirenena. Hisy akony ratsy amin'ny hoavin'ny firenena anefa izany. Ny vahoaka kosa manara-maso am-pilaminana izany iainana eto amin'ny fireneny izany.

***Söh'son***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Fitondrana Rajoelina

## Tsy mahasitrana ny maharary ny vahoaka sy ny firenena

Marary ny fiaraha-monina amin'izao fotoana izao. Mianjady eo anivony avokoa ireo olana maro samihafa izay ny ankamaroany tsy nitranga taona maro tany aloha tany. Miseho eo amin'ny sehatra ara-politika, ara-toekarena ary ara-tsosialy izany, izany hoe voadona avokoa ny lafiny rehetra, izay midika fa tafiditra anaty haizina mangitsokitsoka ny firenena, ary sarotra ny hivoahany amin'izany. Tsy vitan'ny vava sy teny tsara lahatra eny ambony birao, na an-dampihazo, na eny ambody hazo io.

Ny manahirana ny saina, dia ny fifotorana amin'ny tena tokony ho vaindohan-draharaha andrasan'ny vahoaka fatratra tsy laharam-pahamehan'ny fitondrana. Miharihary tsara izany amin'ny zava-mitranga manerana ny Nosy mihitsy. Ohatra, ny fanesorana ny mpivarotra tany atsimo mba hanorenana fotodrafitr'asa iray lehibe. Tena vahaolana ve izany? Mazava loatra, fa tsy maika izany, raha miohatra amin'ny olan'ireo olona voailika ireo. Eto an-drenivohitra sy ny manodidina ankehitriny dia misy olambahoaka inian'ny fitondrana ikimpiana fotsiny izao. Iray lehibe amin'izany ny tsy fivakian'ny fitondrana loha akory amin'ireo olona na fianakaviana na tokantrano tsy nisitraka na indray mandeha akory aza ny fanampiana nozaraina tao anatin'izao krizy arapahasalamana izao, izay krizy nivimbina ny fahasahiranana ara-tsosialy mahery vaika. Ireo olona ireo anefa marefo tena mila fanampiana sy fanohanana tanteraka, fa dia nojerem-potsiny tsy nasian-teny, tsy nahitana fihetsika na kely akory aza avy amin'ny fitondrana, izay miseho ho mahavita be eto amin'ity firenena ity. Miendrika fampizarazarana vahoaka, sy kaomina na faritra izany, izay mampahatsiahy politika maloto nataon'ny mpanjanatany fahiny teto amin'ny firenena. Misy omena tombon-dahiny, misy tsy topaza-maso, fa avela hanavo-tena eo manao izay ahatafavoahany amin'ny fiainana.

Misy ampahana vahoaka marary eto ary manaintaina azy mafy ny olana mianjady aminy. Ohatra mazava amin'izany ny fifandrombahana mitranga raha vao misy tombontsoa miseho eo anivom-piarahamonina na anivom-pîtondrana; ny fitaintainan-davan'ny vahoaka na andro na alina, sy ny sisa maro samihafa. Ny fanafody entin'ny fitondrana anefa dia zara raha mandaitra, mba tsy ilazana hoe tsy misy fiantraikany akory, kanefa niseho hitsabo sy hahavita irery. Marary ny firenena amin'ireo geja mafy mahazo azy iniana atao, izay hita ho miha-mafy aza izany ankehitriny. Sarotra anefa ny fandidiana ho an'ny mpitondra satria nataony an-tsirambina ny fitaovam-panafahana entiny hatramin'izao. Tsy manana vahaolana maika sy hentitra ary mahomby amin'izany ny fitondrana, fa somokotra amin'ny "famonoan'afo" lava izao. Tsy atao hahagaga raha toa ka nilaza ny mpanao politika sady mpamakafaka ny raharaham-pirenena iray, fa hoe "maizina ny ho avin'ny firenena".

***Sôh'son***

Fanehoan-kevitra sms :
034 09 187 88 ; 032 11 505 44 ; 033 24 783 65